



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana - Tenindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-13 EX

**LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA  
TSY ARA-POTOANA VOALOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,  
TAONA 2019**

Fivoriana faha-6  
Natao ny  
Zoma 23 Aogositra 2019  
- Hariva -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Chrisitine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré  
- Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Zoma 23 Aogositra 2019, tamin'ny 5 ora, hariva.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2019.

- Lakolosy -

- 1 -

**- Fitohizan'ny fivoriana -**

**Ramatoa FILOHA**

Tompolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantrika.

Miarahaba antsika tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao.

langaviana ampanajana ianao, Ramatoa Mpitantsoratra, mba hamaky ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2019-1618 tamin'ny faha-21 Aogositra 2019, izay manakatona izao fotoam-pivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao.

- 2 -

**- Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana  
sy ny Didim-panjakana laharana faha-2019-1618 -**

**Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina**

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritry ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminisitra, na noho ny fangatahan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitry.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana. Na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny didim-panjakana ny fivoriana.

Didim-panjakana laharana faha-2019-1618

**PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE**

-----

**DECRET N°2019-1618**

**portant clôture de la session extraordinaire de l'Assemblée Nationale  
LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,**

Vu la Constitution, notamment en ses articles 76 et 99;

Vu le décret n°2019-1407 du 19 juillet 2019 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le décret n°2019-1410 du 24 juillet 2019 portant nomination des membres du Gouvernement;

Vu le décret n°2019-1415 du 25 juillet 2019 portant convocation de l'Assemblée Nationale en session extraordinaire;

En Conseil des Ministres,

**DECRETE:**

**Article premier.-** La session extraordinaire de l'Assemblée Nationale est déclarée clôturée le 23 Août 2019 à 16 heures.

**Article 2.-** En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 alinéa 2 de l'ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au journal officiel de la République.

**Article 3.-** Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation et le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera enregistré et publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 21 Août 2019

**Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, isaorantsika Ramatoa Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny andininy tao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana teo.

Noho izany, feno ny fepetra ahafahana mamarana izao fivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenana izao.

**- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -****Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona; misolotena ny Filohan'ny Antenimierandoholona,  
Andriamatoa Filohan'ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy,  
Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna,  
Ramatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miahy ny Zon'Olombelona,  
Andriamatoa sy Ramatoa isany Mpikambana ao amin'ny Governemanta,  
Andriamatoa sy Ramatoa Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,  
Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina,  
Andriamatoa Talen'ny Kabinetran'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana,  
Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila izay tonga manatrika etoana,  
Ianareo Mpandraharaha namana, mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena,  
Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;  
Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ny vetsovetso, hono, an'olon-tokana; ny bitsibitsika an'olon-droa. Ny tafasiry an'olom-bitsy, fa ny lahateny hiroso izao kosa dia hanenika ny Lapa sy hampitain-davitra.

Koa isaorantsika Andriamanitra, nandahatra sy nivimbina ka tafahaona eto indray isika rehetra izao.

Ny jafajafan-dia, hono, fanaon'ny matanjaka ary ny rodo-dom-pamindra fanaon'ny mahery; fa izaho kosa handadina mora amin'ny teny malefaka sy rarim-pihavana; hiarahaba sy hisaotra anareo; na vahiny na tompon-trano amin'ny fanotronana sy fanatrehana, ho anareo olo-manan-kaja sy Filohan'ny Andrimpanjakana izay tonga manatrika eto sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Imbetsaka isika izao no nifanotrona tato ho ato ary tonga foana ianareo namaly ny antso. Koa aminay, toy ny tantely mitety voninkazo ihany ianareo izao, ka miasa mafy hanome ny mamy.

Noho izany, faly miarahaba sy mankasitraka indrindra Tompoko. Izao fifanomezam-boninahitra eo amintsika izao tokoa no mamy toa fary, madio toa fotsim-bary, ka mahavelom-bolo hatrany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Hiroso amin'izay ary isika, fa vita iny ny vakilela sy ny antsafa, ka ny hanombohana azy aloha dia ny raharaha anatiny teto amin'ny Antenimierampirenena.

Voadinika soa aman-tsara ny tolo-dalàna mitondra ny laharana faha-01-2019/PL manova ny andininy sasantsasany amin'ny lalàna mitondra ny laharana faha-2011-013 tamin'ny 9 Septambra 2011 momba ny Satan'ny fanoherana sy ny Antoko Mpanohatra.

Marina fa Solombavambahoaka ihany no nitondra io tolo-dalàna io, saingy na izany aza dia tsy nahasakana ny Solombavambahoaka amin'ny ankapobeny nitondra fanitsiana marobe na ny teo anivon'ny asam-baomiera na ny teo anivon'ny fivoriambe. Izany dia midika fa voadinika antsakany sy andavany io lalàna io, fa tsy nohanina amam-bolony akory.

Raharaha anatin'ny faharoa dia nitohy tsikelikely ny fanatanterahana ny fanamby hamerenana ny hasin'ity Andrimpanjakana ity. Zava-dehibe tamin'izany ny nahavitana ny Fitsipika Anaty ary fanavaozana tanteraka ny Fitsipika Anaty teo aloha no natao. Ny fampiharana azy antsakany sy andavany no asa manaraka imasoan'ny Birao Maharitra amin'izao fotoana izao, miaraka amintsika Solombavambahoaka.

Voalaza mazava ao ohatra, amin'ny andininy faha-215, fa hanana "Code d'Ethique" sy "Déontologie" ho an'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena. Omanina dieny izao isika Solombavambahoaka, fa anisan'ny hatao laharam-pahamehana amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana amin'ny volana Oktobra ho avy izao ny fandinihana io fitaovam-piasana io.

Resaka famerenan-kasina ihany dia hita sy tsapa amin'izao fotoana izao, fa antitra sy simba ary tsy manaraka ny fenitra intsony ny lafiny fotodrafitrasa eto amin'ity Antenimierampirenea ity. Azo lazaina fa efa an-taonany maro no tsy nahitana fanamboarana intsony tato amin'ny Lapa. Asa tsy maintsy irosoana arak'izany ny fanamboarana sy ny fanatsarana, ka niroso avy hatrany amin'izany ny Birao Maharitra; narahim-piniavana ka tao ireo efa tafarina tao anatin'ny fotoana fohy.

Ny fanambin'ny Birao Maharitra dia mba hisy fiovàna ny fotodrafitrasa misy ny tontolon'ny Solombavambahoaka ato Tsimbazaza rehefa tonga izy ireo amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana manaraka. Izany ezaka sy asa hatao izany dia miankina betsaka amin'ny tetibolantsika, koa miantso sy manantena fiaraha-miasa amin'ny Governemanta izahay, mba ahafahana manatanteraka ny fanamby. Ankoatry ny mpiray Tanindrazana mivezivezy ato, maro ireo vahiny manan-kaja avy any ivelany raisina amin'ity Andrimpanjakana ity, ka rariny sy hitsiny angamba raha mba mifarimbona isika hanome endrika tsara izany toerana izany.

Raharaha anatin'ny teto amin'ny Antenimierampirenena ihany koa dia tontosa soa aman-tsara teto ny fanoloran'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, ny fandaharanasan'ny Governemanta miainga amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Raha aravona ny fiatrehana izany teto dia toy izao ny hevi-dehibe nisongadina:

- Nahafapo ny Solombavambahoaka ny Programa sy ny fomba nampahafantarana azy, fa voalaza tamin'ny antsipiriany ary nisy ny tetiandro mazava amin'ny asa hatao. Niray feo ny maro, fa tendrombohitra tsy mihoatra an'Ankaratra, lohasaha tsy mihoatra an'Ilempona ary Programa tsy misy ohatran'iny, fa ny fanatanterahana azy sisa no andrasana.
- Maro ary saika nahazo ny anjarany avokoa ireo Distrika manerana an'i Madagasikara, saingy nangaina sy nangasihasy ary velon-taraina kosa ireo tsy mba voatonona tao mihitsy, ka niangavy izy ireo ny mba hampidirana azy ao anatin'ny Programa.

- Nitaraina koa ireo Solombavambahoaka, fa marisarisa, hono, ianareo ao amin'ny Governemanta amin'ny fandraisana azy ireo na amin'ny alalan'ny antso izany na amin'ny alalan'ny fangatahana fihaonana. Koa soso-kevitra no ataonay, Tompoko, raha sitrakareo: tsy azo atao ve ny manokana na mamaritra tetiandro iray isan-kerinandro ohatra, mba handraisany mpikambana ao amin'ny Governemanta na ny Praiminisitra ny Solombavambahoaka?

Mikasika izay fifandraisana izay, tsara araka ny fangatahan'izy ireo ihany, ny mba hampandrenesana mialoha ny Solombavambahoaka rehefa hitsidika any amin'ny Distrika nahalany azy ireo ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

- Ary ny tena nisongadina koa dia teo amin'ny lafiny fandiampahalemana. Nisaotra ny ezaka maro efa vita sy mbola hataon'ny mpitandrofilaminana ny Solombavambahoaka, saingy mbola maniry sy manentana hatrany ny hanohizana izany sy hivelarana bebe kokoa satria mivoatra koa ny mpanao ratsy. Ny fampitaovana sy ny fanitarana moa no tena be mpiresaka.

Ireo, ho anareo mpikambana ao amin'ny Governemanta, amin'ny ankapobeny ny zava-dehibe nisongadina teto; tao ny fankasitrahana, tao koa ny soso-kevitra avy amin'ny Solombavambahoaka, mba hanatsarana ny fifandraisana eo amin'ny Fahefana Mpanao Lalàna sy Fahefana Mpanatanteraka. Efa nahazo tso-drano ianareo, koa roso ny dia, fa ny andraso andraso, mahariva andro.

Hamaranana ny tatitra amin'ny raharaha anatin'ny teto amin'ny Antenimierampirenena dia teo amin'ny fizotry ny asa fanaovana-dalàna.

Nahatsapa ireo mpanara-baovao, fa efa ela hono no tsy mba nahafeno izany "quorum" izany ny fivoriana tany anivon'ny asam-boamiera. Hita indray izany teo; toy izany koa ny teto anivon'ny fivoriambe azon'ny besinimaro atrehina, vory maro hatrany ny Solombavambahoaka. Koa misaotra antsika isika, Tompoko.

- Tehaka -

Hita sy tsapa ankehitriny fa misy ny fahavononana hanova sy hanarina marina ny fomba fiasa sy ny hasin'ity Antenimierampirenena ity; fa ny adidy goavana miandry antsika manomboka izao dia ny hitazonana hatrany izany fahavitrihana izany. Koa tsy hisy fihemorana intsony na handroso midina toy ny fandrotrarana amoron-kady aza sanatria.

Izay ary no vita, ireny no asa natao, tanteraka antsakany sy andavany avokoa araka ny fepetra takian'ny lalàna ny andraikitra nankinina tamintsika tamin'ity fotoam-pivoriana tsy ara-potoana ity.

Ny famakiana ireo lalàna lany ireo dia manana zo haneho hevitra amin'izany avokoa ny mpanao politika sy ny olom-pirenana rehetra, fa ny lalàna kosa rehefa hivoaka hatao hanakery eto amin'ny tany sy ny Firenena dia hatao ho tsy maintsy hampiharina sy hankatoavina amin'ny maha tany tan-dalàna an'i Madagasikara.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Izay noresahana teo izay dia misarika antsika avy hatrany hiditra fohy amin'ny raharahampirenena amin'ny ankapobeny ankehitriny.

Raha ny hita sy heno tato ho ato dia ahatsapana fa manomboka amin'izay ireo fivoriana ara-politika etsy sy eroa, ny fanehoan-kevitra ara-politika ary tsikera mihitsy aza. Izany dia midika, fa tapitra amin'izay ny fotoam-pamindram-po na ny "temps de grâce" ho an'ny mpitondra.

Tsy misy tokony hahagaga loatra anefa, satria io dia fomba mahazatra eo amin'ny fanaovana politika ihany. Manambara izany aminay, fa tokony hanohy hiasa mafy ny Mpanatanteraka hanatontosa ireo programanasam-pampandrosoana izay nampanantenainy ny vahoaka araka ny vinan'ny Filohampirenena. Tsy tokony handrimandry manan'aretina intsony koa ny maro an'isa atỳ amin'ny Parlemanta amin'ny fanomezana soso-kevitra sy tohana mahomby ho an'ireo Mpanatanteraka ireo, fa izay no fifandanjan-kery ateraky ny demokrasia. Tsy maintsy hialoalo toy ny katsaka ambavan'antitra eny foana ny hevitra tsy mitovy, saingy tsy maintsy katsahina mandrakariva kosa ny fitoniana na ara-piaraha-monina izany na ara-politika, mba ahafahan'ny olona sy ny tomponandraikitra miasa araka ny tokony ho izy.

Isika vahoaka kosa, aoka tsy ho taitra ambony ihany na hiahiahy hoe: manomboka indray ny adilahy politika. Manao ny asany, Tompoko, ny mpanao politika. Ny mpanohitra dia manana ny anjara tandrify azy amin'izay fanoherana izay, ka mitodika mankany avokoa ny fanehoan-keviny. Ny mpitondra sy ny mpanohana azy kosa dia miezaka miaro ny asa ataony sy mitady lalana hirosoany hatrany.

Manarak'izany, eo amin'ny raharaham-pirenena ihany dia misaotra ny fitondram-panjakana sy ny Filohampirenena, fa nitazona sy nanaja ny teny nomeny izy; ka hiroso tokoa amin'ny fifidianana izay ho Ben'ny Tanàna sy ny Mpanolotsaina Kaominaly isika amin'ny faha-27 Novambra 2019 ho avy izao. Aleo hanako amin'izay ny feon'ny vahoaka sy ny heviny mikasika ireo hitondra eny ifotony dia ny hitondra ny tanànany izany. Manainga ny olom-pirenena tsy ankanavaka, mba samy hiomana sy hivonona, fa tena fifidianana mikasika antsika mivantana io hatrehina io.

Eto koa ny tenako dia manararaotra ihany manao antso ho antsika vehivavy mba ho sahy handray andraikitra sy hanam-pahavononana, ka hiroso ho mpifaninana amin'io fifidianana io na ho kandida ho Ben'ny Tanàna izany na ny ho Mpanolotsaina, fa efa tena fotoanany izao mba andraisantsika vehivavy andraikitra bebe kokoa eo amin'ny fitantanana ny Firenena.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Alohan'ny hamaranako ny teniko, mamelà ahy ianareo fa mba misy tsetsatsetsa tsy aritra amin'ny maha Reny na amin'ny maha Raiamandreny ny tenako eto amin'ny Firenena. Tsy misy Reny na Raiamandreny mahazaka ny fahorian-janany; nefa ny dilo ro anatsa, hoy ny fiteny avy any atsimo; na izany aza, mety hisy ihany ireo izay tsy manan-tsiny amin'ny raharaha mahavoasaringotra ny sasany, ka tokony havahana ny vary sy ny tsiparifary. Koa manoloana izany, heveriko fa tsy mahadiso ahy ny manaitra ny tomponandraikitra isan-tsokajiny amin'ny fandinihana sy ny fanadihadiana lalina alohan'ny fandraisana fanapahan-kevitra izay mety hiteraka voka-dratsy na vokatra mavesatra eo amin'ny mahaolombelona.

Bebe ihany izay voalaza izay. Satry mbola handahatra ary mbola vonona aho, fa ny fotoana manam-petra.

**- Fifaranan'ny fivoriana****Ramatoa FILOHA**

Ny tarogna tsa manam-piafarany, hono, sarotsa; koa mamerina ny fisaorana antsika rehetra naharitra nihaino hatramin'ny farany. Mamerina koa ny fankasitrahana anareo vahiny manan-kaja, fa toy ny amontana sy aviavy isika izao, ka izahay ravaka ary ianareo endrika.

Ho antsika Solombavambahoaka dia hafarana ihany amin'izao famaranana ny fotoam-pivoriana izao mba tsy hanadino, fa hanao ho zava-dehibe sy vaindohan-draharaha manaraka dia ny tatitra hatao amin'ny vahoakatsika. Adidy sy asantsika koa izany, ka voninahitra ny manatanteraka azy am-pitiavana.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Mirary soa ho antsika rehetra, samia hotahian'Andriamanitra; soavadia izay hamonjy ny Faritra na ny Distrika nahavoafidy azy.

- Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 5 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana.



**RAZANAMAHASOA** Christine Harijaona